# FID'actus

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

www.fid.mg

Angom-baovao isan-telovolana

n°10 • Februar y 2022

@FIDMadagascar



# Asa Vonjy Voina :

## Hanohanana ny fanarenana ireo mponina marefo tratry ny hamehana




**Ny fampiatiana ara-mpamokarana** mba hampiroborobo ny fampiatiana ara-toekarena 2



**Fahombiazana :** ...ny fitantanana ny fako no manampy amin'ny fambolena 2



**Fanontaniana 3 ho an'i** RABOANARY Vero Talen'ny Vatsy ara-bola ho fampivoarana ny maha olona - FID 3



**Fahombiazana :** ho tafitra hatrany izahay satria efa nahazo torohevitra mahasoa maro 4



**Maso lavitra :** Ny Fiahiana ara-tsosialy, mitondra ho amin'ny fivoarana ara-toekarena 4


Marefo tokoa i Madagasikara eo anatrehan'ny fikorontanan'ny toetr'andro sy ireo loza voajanahary. Rivo-doza eo amin'ny 3 na 4 isan-taona eo no mikasika ny nosy raha toa ka saika mandavantaona ny haintany any Atsimo. Rehefa mitranga ny loza dia misy fiantraikany mafy amin'ireo vondron'olona marefo, izay efa marefo amin'ny vanim-potoana mahazatra. Betsaka ny fahavoazana ateraky ny loza voajanahary. Tombanana ho 1% amin'ny harin-karena faobe ny fatiantoka mifandraika amin'izany

### Ny « fiahiana mpiara-belona », entina hanohanana ireo ankohonana marefo ...

Mikendry ny hanohanana ireo ankohonana mahantra sy marefo hanamafy ny fahafahany miatrika toe-java-tsarotra ny fiahiana mpiara-belona. Amin'ny maha mpanatanteraka ny fandaharan'asan'ny Fitondram-panjakana malagasy amin'izany « *fiahiana mpiara-belona* » izany, ny FID dia mirotsaka an-tsehatra ihany koa izy manoloana ireo tranga vokatry ny hamehana. Ny Asa Vonjy Voina dia manampy amin'ny fanarenana haingana ireo vondrom-piarahamonina marefo iharan'ny dona mifandraika amin'ny toe-javatra ateraky ny fikorontanan'ny toetr'andro, ny loza voajanahary ary, farany teo, ny valan'aretina Covid-19.

### ... amin'ny alalan'ny asa, ...

Manome fidiram-bola vonjy maika ho an'ireo ankohonana marefo izay traboina any amin'ireo faritra voakasika ary voatondro ho laharam-pahamehana ny asa tanamaro sandaina vola. Manampy azy ireo hiverina haingana amin'ny fiainana andavanandro ny asa atao ho fanadiovana ny tanàna sy hamerenana amin'ny laoniny ireo fotodrafitrasa madinika. Maherin'ny 240 ireo sahan'asa asa tanamaro kasaina ho tanterahina amin'ity taona 2022 ity. Marihina fa taorian'ny fandalovan'ny andro ratsy Ana sy ny rivodoza Batsirai, maherin'ny 14.000 ireo tokantrano nisitraka ireo asa tanamaro ireo teny anivon'ny sahan'asa eo amin'ny zato eo, ao amin'ny faritra Analamanga, Atsinana, Alaotra Mangoro, Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Vatovavy, Fitovinany ary Ihorombe. Mandray 5.000 Ariary isan'andro mandritry ny 20 andro avy, asa adiny dimy isan'andro, ireo tokantrano tambin'ny asa fanarenana atao.

### ... sy ny vatsy ara-bola ....

Anisan'ny fanampiana entina hanarenana ireo tokantrano voakasiky ny hamehana ihany koa ny vatsy ara-bola tsy misy fepetra. Omena mandritry ny fotoana fohy izany mba hahafahan'izy ireo manohy ny asa fivelomany. Efa nampiasaina hihatrehana ny Kere any Atsimo sy ny vokatry ny hamehana ara-pahasalamana noho ny Covid-19 ity endrika fanohanana ity. Taorian'ny andro ratsy Ana dia hisy ihany koa fanomezana vatsy ara-bola ireo fianakaviana traboina. Manodidina ny tokantrano 9.000 eo, ao amin'ny faritra Analamanga sy Alaotra Mangoro no hahazo 100.000 Ar avy amin'ny alalan'ny Tosika Fameno. Efa notanterahina ankehitriny ny fifantenana ireo ankohonana mpisitraka.

### ... ary ny fanarenana ireo fotodrafitrasa simba.

Ireo asa tanterahina aorian'ny hamehana dia mikendry ihany koa ny famerenana amin'ny laoniny ny fanomezana ireo tolotra fototra ara-tsosialy. Izany dia tanterahina amin'ny alalan'ny fanarenana na fanorenana ireo fotodrafitr'asa fototra (trano fianarana na toeram-pitsaboana) voakasiky ny loza. Fotodrafitr'asa simba 23 no narenina tamin'ny 2021 raha 22 no eo an-dalam-panamboarana ary ny 10 hafa kosa dia eo ampikarakarana. Ho an'ity taona ity, fotodrafitr'asa 34 eo no vinaniana ho arenina.

### Ny fifandrindrana eo anivon'ny fanatanterahana

Ny FID dia manatanteraka ny Asa Vonjy Voina eo ambany fandrindran'ny Birao nasionaly misahana ny loza sy ny tandindin-doza (BNGRC),mpandrindra nasionaly ireo asa sy fanampiana tanterahina ao aorian'ny loza. Ankoatr'izay, ny FID dia miara-miasa akaiky ihany koa amin'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ireo ministera voakasiky ny hamehana.

Ho an'ny 2022, maherin'ny ankohonana 150.000 no kasaina ho tohanana amin'ny alalan'ireo asa vonjy voina. Mahatratra 3,7 miliara Ariary ny famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana malagasy (Ressources Propres Internes/RPI), ary 22 tapitrisa dolara hafa avy amin'ny Banky iraisam-pirenena, amin'ny alalan'ny tetikasa Haraton'aina fiahiana mpiara-belona - famatsiam-bola fanampiny faha-3 (FSS-FA3), no ho ampiasana hanatanterahana ireo asa vonjy voina.

# Teny avy amin'i ...



*Tale Jeneraly*

**Ho taona vaovao ao anaty firaisankina.**

Ny fihatsaram-piainan'ny mponina no antom-mpisian'ny FID sy ny mpiara-miasa rehetra ao aminy. Ireo *"fandaharan'asa fiahiana mpiara-belona"* tontosaina mandritra ny roa na telo taona na koa mandritra ny fotoana fohy, hiatrehana ny voina, no entinay hantanterahina izany.

Ankoatra ny fanatsarana tsy tapaka ny fomba fiasa, dia manokana fotoana sy hery koa izahay hanazavana sy hanavaozana izany antom-pisianay izany. Manoloana ireo loza voajanahary tamin'ny fiandohan'ity taona ity, izay efa nandraisan'ny FID andraikitra, tamin'ny alalan'ny asa vonjy voina, dia vao mainka mavitrika kokoa noho ny hatramin'izay ny fahavononanay amin'ny fanatanterahana ny iraka sy asa nomena anay.

**Manomboka amin'ity taona ity dia ankohonana vaovao maherin'ny 270.000 no hisitraka ireo haraton'aina fiahiana mpiara-belona.**

Eo ambany fandrindran'ny Minisiteran'ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy, ny FID dia manantanteraka ny fanitarana ireo fandaharan'asa fiahiana mpiara-belona "mahazatra".

Ny fandraisana anjara ara-bola'ny Governementa Malagasy, eo amin'ny sehatra fiahina ara-tsosialy, ary koa ny fanohanan'ny Banky iraisam-pirenena dia ahafahana miahy, hatramin'ny taona 2024, tokantrano vaovao maherin'ny 240.000 amin'ny alalan'ny Asa Avotra Mirindra sy ny Vatsin' Ankohonana. Ho any faritra an-tanàn-dehibe, ny fandaharan'asa santatra "Haraton'aina an-tanàn-dehibe", dia hanohana tokantrano miisa 30.000..

**Ho an'ny fahamehana dia mbola mitoetra hatrany ireo Asa vonjy voina samihafa.**

Mba hanohanana ireo fianakaviana sy vondrom-piarahamonina marefo iharan'ny famehana ara-pahasalamana na loza voajanahary, dia vonona hatrany ny FID hiantsehatra amin'ny alalan'ny asa tana-maro, vatsy ara-bola ary ny fanarenana na fanorenana ireo fotodrafitrasa simba.

Ny fahombiazan'ny asa dia miankina amin'ny fandraisan'anjara mavitrika sy ny fifamenoan'ny mpisehatra rehetra. Manantena aho fa hatanjaka ny firaisankina ho an'ity taona vaovao ity, satria izany no fototry ny fampandrosoana maharitra iombonana.

**Jaona ANDRIANANTENAINA**
*Tale Jeneraly • FID*

# *Ny fampiatiana ara-mpamokarana mba hampiroborobo ny fampiatiana ara-toekarena*

Ny fampiatiana ara-mpamokarana dia fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny ankohonana eo amin'ny sehatry ny famokarana toy ny fambolena, ny fiompiana, ny asa tanana, ... Izany no hanatsarany ny fanjarian-tsakafony sy hahazoany fidirambola maharitra. Ny hetsika fampiatiana ara-mpamokarana, tantsoroka omena ny ankohonana misitraka ny haraton'aina, dia mitondra fahaleovan-tena sy fahafahana miatrika ny tranga samihafa eo amin'ny fiainana.

Raha ny fambolena manokana no jerena dia maro ireo fampianarana omena ireo mpisitraka, toy ny fanatsarana ny fomba famokarana, ny fampitomboana ny karazam-bokatra na koa ny fiarovana ny voly amin'ny fomba voajanahary. Ny fampiatiana ara-mpamokarana sy ny fampitatiana ara-bola dia mifameno. Ny fahafahan'ireo mpisitraka manatsara ny fitantanam-bola, ny fidirany amin'ireo vondrona mifampindram-bola (VOAMAMI), ny fahaizana mitady làlam-barotra na mamorona loharanom-bola dia antoka hahafahany hanatsara ny fiainany.

Efa mampihatra ireo fahaiza-manao notovoizina tao amin'ny *"sehatra mahasoa"* na *"sehatra fanatsarana famokarana"* ny ankamaroan'ireo ankohonana mpisitraka. Ny fahitan'ny mpiara-monina, ireo fivoarana sy vokatra azo tsapain-tanana, dia niteraka fahazotoana sy finiavana haka tahaka ka efa maro ny mampihatra ireo fahaiza-manao vaovao na tsy mpisitraka aza.

*"Noho ny tantsoroka azoko dia efa mahay ireo fomba samihafa fanatsarana ny famokarana*



**RATSARAZANABOLA Arlette**
*Mpisitraka Fiavota ao Beloha, Androy*

*aho. Nampihariko ireo toro-hay isan-karazany, avy amin'ireo mpitari-dalana, ka tsy ela akory dia tratrako ny tanjona. Na dia kely aza ny tokotaniko, dia nahavita nandamina ny toerana aho mba hahatonga azy io ho saha feno voly. Amin'izao fotoana izao dia mamboly karazan-javamaniry maro aho toy ny anandrano, ravimbomanga, voatavo, salady, sakay, ... Noho ireo fomba fambolena vaovao, dia afaka miaina ny zavamaniry na dia eo aza ny hafanambe sy ny haintany. Isan'andro dia misy mpanjifa tonga manatona ahy hividy vokatra ary tena faly aho satria tsy vitan'ny hoe afaka mitahiry vola aho fa afaka manampy ny manodidina ahy koa."*

## Sady miaro ny tontolo iainana ny fitantanana ny fako no manampy amin'ny fambolena

*Am-pitsikiana sy am-pahavitrihina no hizaran'i Jocelyn ny fahalalana sy tombotsoa azony tao anatin'ny Asa Avotra Mirindra.*

*« Mihoatra lavitra noho ny teknikam-pamokarana mampahomby kokoa ny zavatra azonay » hoy izy. « Ankehitriny fantatray koa fa zava-dehibe ny fitantanana ny fako. Taloha izahay nanary ny fako teny rehetra teny fa rehefa nampianarina nanao lava-pako izahay teny anivon'ny saha sekoly dia nampihatra izany koa aho taty an-trano. Nanao lava-pako telo aho : ny roa hanarianay ny fako mora lò ary ny anankiray kosa hanangonana ny fako sarotra lò. Rehefa feno io farany io dia doranay. Ireo fako mora lò kosa dia ampiasanay atao zezika. Sady miaro ny tontolo iainana ny fanasarahanay ny fako no manampy anay amin'ny fambolena satria mbola azonay ampiasaina amin'izay ilainay azy. Izahay moa efa nampianarina teknika amin'ny fampiasana zezika komposta amin'ireo lava-pako*

> *"... hitako fa tena mampivoatra anay izany "*



**Randriamanana Jocelin**
*Mpisitraka Asa Avotra Mirindra ao Mizilo Gara, Manakara*

*ireo ka tsy mila mividy zezika intsony. »*

*Faly amin'ireo ezaka sy fampiharana efa vitany hatrizay ity raim-pianakaviana ity ary vonona hatrany handray sy hanao izay azo atao mba hivoaran'ny fiainan'izy ireo.*

*« Ezahiko hampiharina avokoa ireo fampianarana nampitaina taminay satria hitako fa tena mampivoatra anay izany. »*

# Fanontaniana ho an'i 3

## RABOANARY Vero
Talen'ny Vatsy ara-bola ho fampivoarana ny maha olona - FID

# Haraton'aina ho an'ireo ankohonana marefo an-tanan-dehibe

**FID'Actus : Inona no antsoina hoe Haraton'aina an-tanàn-dehibe?**

RABOANARY Vero :

Ny Haraton'aina an-tanàn-dehibe dia tetikasa santatra atao an-drenivohitra, miendrika vatsy ara-bola sy tantsoroka. Ny haraton'aina fiahiana mpiara-belona napetraka ho ivon'ireo paikadin'ny fampandrosoana, natao ihany koa hiadiana amin'ny fahantrana lalina sy hiarovana ireo ankohonana marefo noho ny vokadratsin'ny dona ara-toekarena, ny loza voajanahary ary ny hamehana samihafa.

Iaraha-mahita ankehitriny ny fiantraikan'ny valanaretina Covid-19, ny tanjon'ny Haraton'aina an-tanàn-dehibe dia ny mameno ireo vahaolana izay efa aroson'ny Governemanta amin'ny fampivoarana ny maha-olona, ary mametraka ny fototry ny haraton'aina an-tanàn-dehibe.

**Mahatratra 30.000 ny ankohonana misitraka ity tetikasa santatra ity manerana ireo kaominina renivohitr'i Antananarivo, Fianarantsoa ary Toamasina. Tetikasa mikendry ny hanatsarana ny fandrisihana na fahafahana manjifa sy ny fanjarian-tsakafo.**

Ny Haraton'aina an-tanàn-dehibe ihany koa dia vatsy ara-bola ho an'ireo ankohonana marefo manan-janaka 0 hatramin'ny 5 taona ary miampy tantsoroka maro fampivoarana ny maha olona ; ho an'ireo ankohonana marefo tsy manana fahafahana na hery enti-miasa ary manana fanampi-paharefoana toy ireo zokiolona, olona manana fahasembanana, manana aretina mitaiza ...

**30.000 Ar isam-bolana raisina isaky ny roa volana mandritra ny telo taona no raisin'ireo ankohonana mpisitraka.**

Ho an'Antananarivo sy Fianarantsoa dia hisy ihany koa tetikasa santatra hatrany, asa fizarandraharaha sy fampiatiana ara-pamokarana natao ho an'ireo ankohonana manana olona afaka miasa. Tetikasa ahazoana fiofanana teknika, hianarana asa vaovao hampiroboroboana ny seha-pihariana ho lasa loharanom-bola fanampiny ho an'ireo ankohonana mpisitraka, miampy tantsoroka hatrany izany ary hiaraha-miasa amin'ireo sehatra marolafy ho fampiatiana ara-bola.

**Ireo mpisitraka ity farany dia mandray 4.500 Ariary isan'andro mandritra ny 120 andro fiofanana sy fiasana isan-taona, mandritra ny roa taona kosa ny faharetan'izany.**

**FID'Actus : Ahoana ny fomba nitsongana ireo mpisitraka ?**




RV : Misy dingana 2 ny fomba nitsongana ireo ho mpisitraka, ny voalohany dia ny famaritana ireo fokontany hanatanterahana ny tetikasa, ity famaritana voalohany ity dia ahitana ireo maripandrefesana samihafa ; toy ny tondro mamaritra ny taham-parefoan'ireo fokontany, ny isan'ny ankohonana azo tsongaina ho mpisitraka ao anatin'ny fokontany, ny fahafahan'ny fokontany miara-manatanteraka ny fampiatiana ara-pamokarana an-tanan-dehibe, ary ny mety ho fisiana karazana asa tanamaro azo tanterahina eo anivon'ny fokontany.

**FID'Actus : Azonao azavaina bebe kokoa anay ve ny atao hoe tantsoroka ?**

RV : Ankoatra ireo vatsy ara-bola ara-potoana izay fanampin'ny vola miditra, dia misy tokoa ny antsoina hoe tantsoroka fampivoarana omena maimaimpoana hatrany ireo ankohonana mpisitraka. Ny tantsoroka dia fitambaran'ireo hetsika maro mandrisika ho amin'ny fiovam-pihetsika miabo, mikendry ihany koa ny fampivoarana ny fari-piainana, ny fahavitantenan'ireo vehivavy sy ireo ankohonana mpisitraka .

Ahatongavana amin'izany dia misy fandrisihana ho amin'ny fiovam-pihetsika sy fampiofanana samihafa toy ny fitatam-bola eo anivon'ny ankohonana, ny fijoroana maha olom-pirenena, ny fampivoarana ny ankizy madinika, ny fanjarian-tsakafo, ny fahasalamana ara-pananahana ary hisy ihany koa ny fanamorana sy fanentanana hanatonana ny tobimpahasalama ...

Ireo antsoina hoe Reny mavitrika no miantsoroka ny fanentanana isaky ny vondrona (vondrona iray ahitana solotenan'ny ankohonana 20 na 25), mampita ireo lohahevitra samihafa volaza etsy ambony ireo eny amin'ny sehatra mahasoa.

Izy ireo moa dia miara miasa amin'ireo mpitantsoroka sy mpanjohy eny ifotony ahazoana antoka ny fampitana izany lohahevi-piofanana izany. Marihina fa ny Sehatra mahasoa dia tanterahina eny amin'ny toerana sy amin'ny fotoana nifanarahan'ny vondrona sy neken'ny fokontany.

Tsara ho fantatra fa ny FID dia miara-miasa mivantana amin'ireo manam-pahefana eny anivon'ny kaominina sy ny fokontany sy amin'ireo rafitra sy mpiantsehatra eny an-toerana ahazoana fifamenona mahomby amin'ireo hetsika fiantsorohana.

## Ho tafitra hatrany izahay satria efa nahazo torohevitra mahasoa maro

« Tena sahirana izahay tamin'ny fivelomanay. Izaho moa tsy manambady ka nanano-sarotra ny fikarakarana ny ankizy. Rehefa tafiditra ho mpisitraka ny Vatsin'Ankohonana aho dia nihatsara ny fiainanay. Taloha tsy nianatra ny zanako, ankehitriny efa mandeha any an-tsekoly izy ireo sady afaka misakafo tsara. Nampianarina anay teny anivon'ny sehatra mahasoa ny resaka fahadiovana sy ny fahasalamana. Izahay izao ankehitriny efa nanao WC, tsy mangery an-kalamanjana intsony sady mazoto manasa tànana. Rehefa tsy salama izahay dia manatona tobi-pahasalamana. Ankoatra izay, nampianarina anay koa ny fitantanana ny vola. Ny vatsy azoko izao dia nahafahako nividy ireo fitaovam-pianaran'ny zanako sady nahazoako osy telo. Izahay moa nampianarina nanao tahiry sy hanajary izany ka izay no nahazoako ireo osy ireo. Koa raha sanatria misy ilaina vola tampoka dia azoko amidy ny iray amin'ireo. Mino aho fa afaka hamiratra ny hoavinay. Rehefa hitsahatra ny fandaharanasa any aoriana any dia manantena aho fa ho tafitra hatrany izahay satria efa nahazo torohevitra mahasoa maro. »

***“ Ny vatsy azoko izao dia nahafahako nividy ireo fitaovam-pianaran'ny zanako sady nahazoako osy telo... Ho tafitra hatrany izahay satria efa nahazo torohevitra mahasoa maro. ”***



**Pâquerette**
*Mpisitraka Vatsin'Ankohonana ao Ampasikibo, Toliary II*

# Tapatapany

### Haraton'aina an-tanàn-dehibe, fandoavana ny ampaham-bola voalohany

Notanterahina ny 14 janoary lasa teo, tao Toamasina ny fandoavam-bola voalohany ho an'ny Haraton'aina an-tanàn-dehibe. Ho an'i Fianarantsoa kosa dia totonsa ny 27 janoary 2022 teo izany, amin'ity volana febroary ity no hirosoana amin'izany fandoavana ny ampaham-bola voalo-hany izany ho an'Antananarivo.

Tsiahivina fa haharitra 3 taona ity tetikasa santatra ity ary ankohonana marefo miisa 30 000 no misitraka, ho fahafahana miatrika ny dona samihafa sy fahavitan-tenan'izy ireo hatrany.

### Rivodoza Ana, nanomboka avy hatrany ireo Asa Vonjy Voina

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza izay niteraka ranobe sy faharavana amin'ny faritra maro teto amin'ny Nosy dia mahatratra 6300 ireo ankohonana misitraka ny Asa Vonjy Voina, amin'ny ala-lan'ny asa tanamaro manerana ireo sahan'asa 43 ho an'ny faritra Analamanga, Alaotra Mangoro, Atsinanana ary Matsiatra ambony.

5.000 ariary isan'andro kosa no raisin'ireo mpisitraka mandritra ny 20 andro iasana.

### Zara Mira, fandaharan'asa fiahiana mpiara-belona tsy mitanila sy mampiaty

Tao Tataho, distrikan'i Manakara ny 28 janoary 2022 lasa teo no nanombohana ny fandoavam-bola voalohany ho an'ny Zara Mira, izay mikendry indrindra ny hanohanana sy ny fanenanan ny faharefoan' ireo ankizy, vehivavy bevohoka ary ny olona manana fahasembanana.

Manodidina ny 3 129 ny ankizy latsaky ny 15 taona hisitraka ny Zara Mira izay misanda ho 10.000 Ariary isam-bolana mandritra ny 24 volana, tsy ho ela ihany koa dia hihitatra any amin'ny distrikan'Amboasary ity Fandaharan'asa fiahiana mpiara-belona tohanan'ny UNICEF, arindran'ny Ministeran'ny mponina, fiahiana ara-tsosialy ary fampivoarana ny vehivavy ary tanterahan'ny FID ity.

# Maso lavitra




## Ny Fiahiana ara-tsosialy, mitondra ho amin'ny fivoarana ara-toekarena

Nanomboka ny taona 1960 dia efa voaporofo fa misy fiantraikany amin'ny fampivoarana ara toe-karena ny fiahiana ara-tsosialy. Ny Banky Iraisam-pirenena dia nametraka ny fiahiana ara-tsosialy ho fitaovana sy paikady fototra hiadiana amin'ny fahantrana sy aro mandritra ny krizy ara-toekarena na ara-pahasalamana.

Manamarina izany koa ny fanadihadiana maro mahakasika ny fiantraikan'ny famatsiam-bola amin'ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fifandraisany akaiky amin'ny fampivoarana ara-toekarena any amin'ny firenena mandroso. Marihina anefa fa mbola sarotra ny manana fijery tokana noho ny fahasamihafan'ny asa fiahiana ara-tsosialy sy ny famatsiam-bola any amin'ny firenena maro.

Ho an'ny olona maro, ny foto-kevitry ny fiahiana ara-tsosialy dia mbola manjavozavo, noho izany dia ilaina ny mitadidy matetika ny zavatra fonosiny. Rafitra fifampitsinjovana iombonana ahafahan'ny mpisitraka miatrika ny voka-dratsin'ny loza ara-tsosialy.

*Loharanom-baovao : Anne Beinier*
*Conseillère résidente du Jumelage et experte en protection sociale pour l'Union Européenne*


*Ny fandaharan'asa rehetra tanterahin'ny FID dia famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana Malagasy sy avy amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena ho an'ny fampandrosoana "Association Internationale pour le Développement" (IDA), ratsamangaikan'nyBanky iraisam-pirenena, misy ihany koa avy amin'ireo mpamatsy vola samihafa.*
*ny Ministeran'ny mponina, fiahiana ara-tsosialy ary fampivoarana ny vehivavy no mandrindra ny fandaharan'asa fiahiana mpiara-belona.*